
# TBT: Mianatra "Règles de survie" iray (1) isan-kerinandro

## 9. Asa amin'ny toerana avo



### Arovy amin'ny fianjerana avy amin'ny toerana avo ny tenanao

- Amariniko fa azo ampiasaina tsara ny fitaovana aro loza fianjerana izay vao ampiasaiko
- Alamiko tsara ny fitaovana izay ampiasaiko mba tsy ho hisy ho latsakaka mety handratra olona na hanimba zavatra
- Tsy maintsy mifatotra 100% amin'ny toerana tena azo antoka aho rehefa miasa amin'ny toerana avo

**Tsara ho fantatra :**

Ny fitaovana aro loza ampiasaina rehefa miasa amin'ny toerana avo dia tsy maintsy fitaovana efa no hamarinin'ny mpiasan'ny VIVO izay manome ny "Permis de travai"l.

Ny fiarovana ny fitaovana mba tsy hilatsaka sy ny famatrahana "balises" mamefy ny toeram-piasana dia miaro ny tenanao sy ny olona manodidina anao mba tsy haratra.

**Nom et prénom:** Roberteau Raminirina

**Date:** 04/07/26

**Signature:**

*Antsoy ny laharana 032 07 427 37 (Tojo _ HSSE implementer) raha mila fanazavana fanampiny.*



# TBT: Mianatra "Règles de survie" iray (1) isan-kerinandro

## 8. Fahazaon-dalanahiasa (Permis de Travail)



### Mila manana taratasy manome alalana hiasa rehefa ilaina izany

- Amariniko fa mila mahazo alalana aho vao afaka miasa
- Asa nahazoako fiofanana ihany no azoko atao
- Mazava amiko tsara ny taratasy rehetra momba ny asa izay ho ataoko
- Amariniko fa voafehy avokoa ireo trangan-javatra mety hampidi-doza alohan'ny hanomboako ny asa
- Raha misy ny toe-javatra miova na mampiahy dia ajanoko avy hatrany ny asa izay ataoko

**Tsara ho fantatra :**

Amafisina tsara eto fa tsy ny fisian'ny taratasy fahazoan-dalana voa Sonia fotsiny dia ampy hanantanterahana asa iray. Fa ny tena zava-dehibe dia hoe tena nahazoalalana tokoa vao natomboka ny asa iray.

Ary ihany koa ny olona miasa dia mila manamarina fa afaka hiasa heren-doza tokoa izy ary hanaraka izay voasoratra ao anatin'ny taratasy fahazoan-dalana.

Marihina hatrany fa tonga dia mijanona avy hatrany ny asa raha vao misy tranga mampiahiahy na miova.

**Nom et prénom:** Robertean Haminirina

**Date:** 19/06/26


**Signature:**

*Antsoy ny laharana 032 07 427 37 (Tojo _ HSSE implementer) raha mila fanazavana fanampiny.*



# TBT: Mianatra “Règles de survie” iray (1) isan-kerinandro

## 7. Fibatana entana mavesatra heren-doza



### Mila fanomanana mialoha ny fibatana entana mavesatra ary tsy maintsy faritana tsara ny toerana hiasana

- Amariniko fa efa nojerena mialoha avokoa ny fitaovana rehefa izay ampiasaina ary mifanaraka tsara amin'ny asa izay atao
- Ny fitaovana nahazoako fihofanana ihany no ampiasaiko na entiko
- Rehefa miasa aho dia mametraka“balise”hamaritako ny faritra hiasako ary hajaiko amin'ny antsakany sy an-davany ny balise izay ataon'ny olona hafa
- Fadiako ny mandeha ao ambanin'ny vesatra mihatona.

Tsara ho fantatra :

Ny tena tiana resahana eto dia ny fibatana entana mavesatra amin'ny alalan'ny grue na chariot élévateur. Noho izany dia misy vesatra izay mihatonaka mety hianjera na koa mety hihetsika ka ahavoadona anao.


Noho izany alohan'ny hanaovana io asa io dia mila fanomanana mialoha, tsy maintsy olona voahofana no afaka manantateraka ny asa ary fitaovana voamarina fa afaka hanaovana ny asa no ampiasaina.

**Nom et prénom:** Roberteau Raminivika

**Date:** 07/05/26

**Signature:** [signature]

*Antsoy ny laharana 032 07 427 37 (Tojo _ HSSE implementer) raha mila fanazavana fanampiny.*



# TBT: Mianatra "Règles de survie" iray (1) isan-kerinandro

## 6. Ligne de mire



### Tsy ampidiriko anaty "ligne de mire" ny tenako sy ny hafa

- Hialako lavitra izay toerana rehetra misy :
    - Zavatra mihetsika, namiodina
    - Fiarakely na lehibe mivezivezy
    - Fahavotsoran'angovo
    - Filatsahan'ny fitaovana na vesatra miantona
- Rehefa miasa aho dia mametraka"balise"hamaritako ny faritra hiasako ary hajaiko amin'ny antsakany sy an-davany ny balise izay ataon'ny olona hafa
- Hiantohaka ny tsy hisian'ny filatsahan'ny fitaovam-piasako aho raha miasa amin'ny toerana avo ary raha misy fitaovana na vesatra miantona mety hilatsaka dia ampahafantariko ireo manodidina ahy izany.

**Tsara ho fantatra :**

Raha azavaina izany ny atao hoe "ligne de mire " dia izay faritra rehetra misy zavatra mihetsika ka rahatafiditra ao ny vatana na ny ratsam-batana dia mety hiteraka faharatrana. Noho izay rehefa miasa isika, dia ilaina ny mamantatra mialoha ary manalavitra ireny toerana ireny mba tsy hisy fiantraikany amintsika ny loza mety aterany.

**Nom et prénom:** Robertean Hamininina

**Date:** 15/04/26

**Signature:** [signature]

*Antsoy ny laharana 032 07 427 37 (Tojo _ HSSE implementer) raha mila fanazavana fanampiny.*

# TBT: Mianatra "Règles de survie" iray (1) isan-kerinandro

## 5. Asa miteraka firehetana



### Feheziko avokoa ireo toerana rehetra mety hiteraka firehetana rehetra

- Fantariko avokoa ny toerana na zavatra mety hiteraka tselatr'afo na afo
- Alohan'ny hanomboako asa mety miteraka firehetana dia :
  - Esoriko aloha izay fitaovana mora na mety mirehitra
  - Mila mahazo alalana aho
- Mialohan'ny hanomboako asa mety miteraka firehetana eo amin'ny toerana mety hampidi-doza dia manamarina aho fa :
  - Natao gas test ny toerana hiasako
  - Atao gas test tsy ankijanona ilay toerana

**Tsara ho fantatra :**

Saro-pady ny asa mety hiteraka afo na firehetana eto amintsika satria mikirakira solika isika. Ka noho izany raha mbola azo atao ny mifady izany eo amin'ny toeram-piasana dia tsy atao fa saingy raha tsy maintsy atao dia arahina avokoa ireo fepetra rehetra mba hisorohana ny loza.

**Nom et prénom:** Roberteau Raminivina

**Date:** 12/03/26


**Signature:** [signature]

*Antsoy ny laharana 032 07 427 37 (Tojo _ HSSE implementer) raha mila fanazavana fanampiny.*



# TBT: Mianatra "Règles de survie" iray (1) isan-kerinandro

## 4. Fanidiana angovo



### Amariniko fa tsy hisy intsony ny fahavotsoran'angovo alohan'ny hanombohako ny asa

- Fantariko avokoa ny toerana mety hisy fahavotsoran'angovo
- Amariniko fa efa novonoina, voahidy tsara ary nasiana fanamarihana ny toerana rehetra mety hisy fahavotsoran'angovo
- Amariniko fa efa nandramana fa tsy hisy intsony ny fahavotsoran'angovo eny amin'ny toerana rehetra nohidiana

**Tsara ho fantatra :**

Tsy ny resaka eleketrika ihany no mety hampidi-doza fa misy ihany koa ny "pression" toy ny fipoahan'ny kodiaranaeo am-panaovana rivotra ety amin'ny Station Service.

**Nom et prénom:** Roberteau Raminirina

**Date:** 12/03/26

**Signature:** [signature]

*Antsoy ny laharana 032 07 427 37 (Tojo _ HSSE implementer) raha mila fanazavana fanampiny.*

# TBT: Mianatra "Règles de survie" iray (1) isan-kerinandro

## 3. Familiana fiara



### Arahony lalanan'ny fombafamiliana heren-doza

- Hanaovakofoana ny hetra aroloza
- Tsy mihoatra ny hafaingainam-pandeha voafetra aho, aryahenako ny hafainganam-pandeha ko arakaraky ny toetrany lalana
- Tsy hampiasa finday nafitaovana elektronika aho eo am-pamiliana
- Salamatsara, tsy mamo ary mitandrina tsara aho rehefa eo am-pamiliana
- Arahiko amin'ny an-tsakany sy an-davany ny "plan de trajet"

**Tsara ho fantatra :**

Tsy voasoratra manokana eto ny momba ny toaka sy ny rongony ary ny khat satria efa misy politika manokana mifehy izany.

Ity politika ity izany no miantoka ny haintsika mpiasan'ny VIVO sy mpiara-miombon'antoka amin'ny lozam-pifamoivoizana.

**Nom et prénom:** Robertean Maminirina

**Date:** 25/02/26

**Signature:** [signature]

*Antsoy ny laharana 032 07 427 37 (Tojo _ HSSE implementer) rahamila fanazavana fanampiny.*



## TBT: Mianatra "Règles de survie"

## iray (1) isan-kerinandro

# 2. Toerana MIHIBOKA



### Mila mahazo alalana aho alohan'ny hidirako ao anaty toerana mihiboka

- Amariniko fa voafehy avokoa ireo toerana mety hisy fahavotsoran'angovo
- Amariniko fa efa nosedraina ary arahi-maso tsy tapaka ny rivotra ao anatin'ilay toerana hiasana
- Amariniko ary ampiasaiko ny fitaovana toy ny "masque respiratoire" rehefa ilaina izany
- Amariniko fa misy mpanara-maso miandry eo ivelan'ny toerana mihiboka
- Amariniko fa efa voasoratra ny fomba ivoahanana amohana ahy raha sendra misy loza
- Mahazo alalana aho vaomahazo miditra anaty toerana mihiboka

**Tsara ho fantatra :**

Inona no atao hoe toerana mihiboka ?

Ny atao hoe toerana mihiboka dia toerana :

- Tsy natao honenanana hiasana
- Tery ny fidirana sy fivoahana aminy
- Mety mahafaty ny fidirana ao aminy rahatsy manaraka ireo fepetra aroloza

Ireto misy ohatra vitsivitsy mikasika izany toerana :cuve, citerne camion, fosse, séparateur.

Noho izany rahamisy ny asa tsy maintsy atao anatin'ireo toerana ireo dia mila mangataka ary VIVO Energy aloha vao afaka atomboka ny asa.

**Nom et prénom:** Robertean Maminirina

**Date:** 07/01/26

**Signature** [signature]


*Antsoy ny laharana 032 07 427 37 (Tojo _ HSSE implementer) raha mila fanazavana fanampiny.*



TBT: Mianatra "Règles de survie"

# iray (1) isan-kerinandro

## 1. Mandingana fitaovana aro-loza



### Mila mahazo alalana aho izay vao afaka mandingana na mamono fitaovana aro-loza

- Haiko  ny mampiasa ny fitaovana ary ny rindran-damina ilaiko eo am-panantaterahana ny asako
- Mahazo alalana aho izay vao afaka :
  - Mandingana na mamono fitaovana aro loza
  - Tsy manaraka "procedures"
  - Tsy manaja sakana aro-loza

Matetika mihatra na ampiasaina ity LSR ity rehefa misy asa tsy maintsy atao ka tsy maintsy hamonoana fitaovana aro-loza na koa tsy hanarahana procedures.

Ireto misy ohatra 2 ahafahana manazava misimisy kokoa ity LSR ity.

Ohatra 1: tsy maintsy ajanona ny camera de surveillance satria misy fanamboarana tsy maintsy atao aminy.

Ohatra 2: tsy afaka manaraka procedures de livraison araka ny tokony ho izy aho satria misy asa afa mandeha eo amin'ny station.

Marihina fa tsy maintsy mampandre mialoha an'i Vivo Energy izay vao afaka manao ireo voalaza etsy ambony.

**Nom et prénom:**

**Date:** 06/01/26

**Signature:**

